

# NY VALOSOAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) **VAOVAO**

**Boriboritany faha-6** 4  
Nanampy ara-bola sy ara-pitaovana ireo tantsaha ny depiote Todisoa

www.gvalosoa.com  
gvalosoa@yahoo.com  
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 1 aogositra 2020 Laharana 1049 Vidiny : 400 Ar

**Vola Malagasy Ariary** 4

**Filoha Ravalomanana sy ny RMDM** 2

# Tsy mitsahatra mitontongana

# Niarahaba ny mpino silamo noho ny fetiny omaly



**TSY MILAMINA NY TANY** 2  
**Pasitora voatafika, lasa ny vola 8 hetsy Ariary**



**Matahotra ny ho very faty** 3  
Tsy matoky ny toeram-pandevenana iombonana ny olom-pirenena

**Politika** 2  
Aza fitahina na pempoina ny vahoaka

**Seha-pikarohana** 3  
Omeo lanja avokoa amin'izay fa aza asiana fanavakavahana

**Daka kely**  
Toa efa mifanilika sisa nareo sy PM isaky ny tapa-bolana ry Boaikely a !

**Valanaretina** 4  
106 no lavo, 120 ny tranga vaovao, 346 no sitrana omaly

	HIER	CUMUL	DIFF
CONFIRMES	10748	10868	+ 120
EN TRAITEMENT	3182	2955	- 227
GUERIS	7461	7807	+346
FORMES GRAVES	94	83	- 11
DECES	105	106	+1

SOURCE MSANP / IPM / OMS

**FILOHA RAVALOMANANA SY NY RMDM**

**Niarahaba ny mpino silamo noho ny fetiny omaly**

Niarahaba sy nirary soa ny mpino silamo rehetra eto Madagasikara ny filoha Marc Ravalomanana, sy ny RMDM (Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara), izay tarihany, noho ny fetin'izy ireo omaly 31 jolay dia ny fetin'ny Eid Al Adha izany, na ny Eid Be: fetin'ny fanaovana sorona sy ny fanaovana fivahinianana masina ho an'ireo mpino silamo, tsy ny eto Madagasikara ihany, fa manerana izao tontolo izao. Amin'ny androm-piainany, ny mpino silamo iray raha azony atao dia tokony hanao fivahinianana masina any La Mecque any Arabia Saodita, fotoana tokony ho nanaovana izany ihany koa ny Eid Be toy izao. Toy izao indrindra ny votoatin'izany fiarahabana ny silamo na-



**Ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny antoko TIM, sady filohan'ny RMDM.**

taon'ny Filoha Marc Ravalomanana izany: "Fifaliana ho anay RMDM ny miarahaba anareo mpino silamo rehe-trah amin'izao fety lehibe ataonareo izao. Mankahery anareo hatrany izahay ary mirary anareo mba ho tonga amin'ny tanjona hirina ary manantena izahay fa mivavaka ho an'ny firent-sika sy ho an'ny vahoaka Malagasy ianareo amin'izao valanaretina manjo ny firenena izao, mba ho avy ny famon-jeny. Mahareza mahatanjaha, ka homba antsika hatrany ilay Nahary", hoy ity fanambarana nataon'ny birao nasionalin'ny RMDM ity, izay tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana.

*Isambilo*

**Politika**

**Aza fitahina na pempoina ny vahoaka**

Mahavariana ihany ny mbola ahenoana olon'ny fitondrana sahy mbola miteny fa tena miasa ary tena manao ity fitondrana ity. Mbola nahenoana izany indray vao tsy ela tamin'ny fahitalavitra ilay olon'ny fitondrana, ben'ny tanàna amin'ny kaomina Andoaharanofotsy eny Antananarivo Atsimondrano iny. Izy no nahazo fanampiana ara-bola avy amin'ny fitondrana vola be amina miliara, dia lazainy fa tena manao ny fitondrana. Midika izany, mazava loatra, fa fitiavan-tanana tsotra izao. Vao andro vitsy talohan'ny niresahany, dia nilaza ny ben'ny tanàna eny Ambohimadiada, fa tsy mbola nahazo vola fanampiana na kely aza avy amin'ny fitondrana, ary atao zanak'ikalaha fa ny kaomina tantaniny satria tsy olon'

ny fitondrana izy fa avy amin'ny antokon'ny mpanohitra. Dia tsy henatra mihitsy na mba mandanjalanja fitenenana ny an' Andoaharanofotsy etsy ankilan'izany amin'ny fitondra-mitanila ataon'ny filohan'ny Repoblika sy ny mpiara-miasa aminy. Iza ny anefa dia hita miharihary mandrakariva amin'ny faritra maro amin'ny kaomina na dia tsy hilaza ny zava-nisy teto Antananarivo renivohitra aza nandritry ny mbola naha-teo an'i Neny Lalao Ravalomanana. Raha mpiton-dra manao fitondra-mitanila eo amin'ny fitantanam-pirenena, tena tsy manao izany. Mety ho marina ihany, milamina ny vahoakany tsy iharan'ny fahantrana sy fahasahirana angamba ao amin'ny kaomina Andoaharanofotsy, fa izy nahazo vo-

labe fanampiana, fa ive-lan'izay, raha eny Atsimondrano fotsiny mam-piteny ny moana ny fahantran'ny mponina. Aza fitahina na pempoina ny vahoaka raha ianao irey no mahita tombontsoa manokana amin'ny fitondrana. Ny fahavoazana lalina ara-tsosialy manjo ny vahoaka Malagasy efa ho lasa tandra-vadin-koditry ny fiainam-bahoaka. Ary tsy misy mba ahitana mangirana kely amin'ny fihatsarana amin'izany, ka inona no fitondrana tena miasa sy tena manao eho? Ny toetra iombonan'ireo olona mpanao politika, olom-boatendry na olomboafidy miara-dia ao anaty fitondrana, dia tsy manana fanetren-tena velivelvely hiaiky amin'ny vahoaka fa misy fahadi-soana nataony amin'ny

lafiny fitantanam-pirenena hatramin'ny nahateo amin'ny fitondrana azy. Saiky hambo diso toerana matetika no hita sy heno ary manilika hatrany ny fahadi-soana amin'ny hafa. Ny hita sy tsapa ihany koa, dia ny fahasahiany miteny ny hafa ho be fanakianana nefa tsy manao n'inona n'inona. Fa iza no tokony hanao asa be dia be eto sy karamain'ny vahoaka, sy mampiasa ary mandany ny volam-bahoaka? Amin'ny lafiny iray, ny olona lazaina ho tomonandrika-ka mbola miteny izany, mijery sy manakiana ny fihetsiky ny hafa mitsikera azy, dia olona tsy mahatsapa sy tsy mahafantatra loatra ny tena andraikitra sahaniny sy ny andrasan'ny vahoaka fatratra aminy.

*Sôh'son*

Tsy milamina ny tany

**Pasitora voatafika, lasa ny vola 8 hetsy Ariary**

Tsy milamina ny tany, izay no azo amehazana azy amin'izao fotoana. Pasitora iray an'ny Fiangonana Loterana Malagasy (FLM) no notafihan'ny jiolahy tany Sakaraha, any amin'ny faritra Atsimo Andrefana, lasa tamin'izany ny vola mitentina 8 hetsy Ariary. Pasitora, tompon'andraikitra vaovao ao

amin'ny FLM Sakaraha io notafihan'ny jiolahy miisa efatra io ny alarobia teo, tokony ho tamin'ny 11 oraalina. Nirongo antsy sy famaky ary basim-borona 2 ireo olon-dratsy. Lasan'izy ireo ny vola 800 000 ariary, finday, boky sy auto-radio. Vaky nandositra izy ireo vantany vao nahare ny fiaran'ny mpitandro filami-

nana mpanao fisafona. Tsy nisy ny aina nafoy. Mironogatra ny halatr'omby, asan-jiolahy sy ny fanafihana mitam-basy ao Sakaraha, amin'izao fotoana. Fa tetsy Ambohijanaka Antananarivo Atsimondrano, samy nandroba no nanolana vehivavy ireo jiolahy. Valo lahy mirongo basy no niditra an-keriny

tao amin'ny tokantrano iray. Sady nandrahona tamin'ny basy izy ireo no nibata izay azony: vola, ... sady nanolana tovovavy iray tao koa. Tena tsy mandry fahalemana ny tany ary tokony hampiana ny fiarovana na dia eo aza ny ady amin'ny valanaretina coronavirus.

*Stefa*

**Taratasin'ny mpamaky**

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : hita izao fa fly over no lehibe indrindra ho an'ny fitondrana Rajoelina fa tsy ny fahasalam-bahoaka. "Be dia be ny olana eto amin'ny firenena fa tsy hoe resaka Francophonie, tsara anie ny manarina hotely 5 étoiles eh avec 28 millions de dollars fa sao tokony hanaovana zavatra hafa". Nahay niresaka sy nahafantatra ny laharam-pahamehana ery tamin'ny mbola tsy nahazo seza, ankehitriny kosa ny "FLY OVER NO LEHIBE INDRINDRA", izany fa dia laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka sahirana amin'izao. Raha hanangana an'izany, tsy maintsy hisy indray ny tranon'ny olona izay efa ho sahirana ho ravana. Ho ravana izany ny tranon'ny vahoaka dia efa ny vola hanaovana izany dia trosa, izay mbola izy sy ny taranany ihany no ha-

nafa izany. Mitondra fanakorontanana-tsaina ho an'ny mponina eny Anosizato sy ny manodidina ity resaka "fly over" ity. Ny "étude environnementale" aza tsy misy, koa tampoka eo dia hoe hanao "fly over", laharan-pahamehana koa ve izany anefa? Ny tena mahavariana moa dia ny hoe ny famatsiam-bola anatin'ny no hanombohana ny asa. Maninona raha hanaovana zavatra hafa, hanomezana asa ireo tsy an'asa misy amin'izao fotoana izany, na hanampiana ny vahoaka izay tena sahirana tokoa ankehitriny. Tsy misy vola ao matoa ny vola fanampiana navily lalan-kafa nandoaovana ny karaman'ny mpiasan-panjakana. Mitombo ihany ny trosa baben'ny vahoaka Malagasy, tena mampalahelo.

*Mijoro Rasandison  
Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao*

*Ny Valosoa sy fakafaka*  
**Mandatsa vahoaka mahantra sy noana indray Rajoelina**

Raha ny fihetsik'i Andry Rajoelina, raha ny ambary ny zavatra ataony, dia misinton-kevitra avy hatrany, fa tena mandainga sy mihatsaravelatsihy amin'ny vahoaka Malagasy ny tenany. Ilay vahoaka Malagasy izay tsy misy mpiahy fa miady sy manavotena irey ao anaty fahasahiranana lalina sy fahantrana mangintsongitsoka. Mifanalavitra tanteraka amin'izay anefa ny fomba fiainan'ny filohan'ny Repoblika mivady, tsy toy ny mifanao atsimo sy avaratra fotsiny intsony fa tena mifanao an-dakira toy ny any amin'ny tendron-tany avaratra sy ny tendron-tany atsimo amin'ity planeta tany ity, tsy hisy fifanatonana na kely aza, fa fihetsiketsehana fotsiny no betsaka.

Nisarika ny sain'ny mpandinika maro ny nanaparihahana tamin'ny fitaovan-tserasera samihafa ny fanakalazana ny tsingerin-taonan'ny fanambadian'ny filohan'ny Repoblika mivady. Mazava loatra fa tsy maintsy nisy fetifety nandaniam-bola be tao anatin'izany miaraka amin'ny sakafo hanim-pito loha lafo vidy. Tena tokony naseho tamin'ny vahoaka malagasy ve izany ? Ndeha atao hoe tsy maninona raha naseho imasom-bahoaka an-tsary sy fampahalalam-baovao, fa mitondra inona ho an'ny vahoaka moa izany ? Hampitombo iray kapoaka ny vary arotsany ao am-bilany ve izany ? Moa tsy fandatsana na fampangotsohana azy tsotra izao ao anatin'izao hanoanana manaikitra azy andro aman'alina izao tato anatin'ny volana maro ? Maro amin'ny vahoaka izao no efa tsy maintsy miditra amin'ny fivarotana fananana ao an-tokantrano fa tsy misy ividianan-kanina intsony, ny ankizy tsy maintsy mihinana. Hamidy izay azo amidy rehetra hatramin'ny fitafiana na hatramin'ny tenany aza, sns... Inona no ao an-tsain'ny filohan'ny Repoblika sy andehanan'ny eritreriny raha izy sy ny ankoanony ery ankilany mialabona amin'ny fihinanana-kanimbe lafo vidy sy fiadanana-karena manao fety be hairaitra andaniam-bola be, ary etsy andaniny indreo ireo vahoaka Malagasy mahantra iandreketany mitofezaky ny harerahana amin'ny fitadiavana sy ny hanoanana, ary miady mafy ny hahavelomana isan'andro sisa ? Raha ny fahitana izao zava-misy izao, hitan'ny masony ihany izany na mety henony, fa tsy misy fiantraikany any anatin'ny any. Ny resaka fampandriana adrisa fotsiny no betsaka amin'ny filazana amin'ny vahoaka handemena ny sainy fa tena mahalala sy mahatsapa ny fahoriam-bahoaka ny tenany. Raha tena mahatsapa tokoa, ary tena tia tanindrazana sy ny vahoaka marina, raha tena miray fo marina amin'ny vahoaka amin'ny manjo azy, tsy ho sahy hamoaka ireny vaovao ireny na kely akory aza ary tsy hanao fihetsiketsehana hanehoana fifaliana mihitsy amin'izao fotoana izao. Tsy tokony ho adinoana anie, ary ny filohan'ny Repoblika sy ny ekipany akaiky ao an-dapa ao no voalohany mahafantatra izany tsara, fa isan'andro misy Malagasy mamoy ny ainy, nodimandry, vokatry ny valanaretina covid-19. Mihevitra ve izy sy ny ekipany na ireo olom-boafidy miara-dia aminy rehetra, fa vitan'ny filazana teny fiaraha-miory sy fampaherezana fotsiny ataon-dRamatoa profesora isaky ny atoandro ny fanehoana fa tena mahatsapa ny fahoriam-bahoaka izy ireo? Tsia, miendrika fihatsarambelatsihy sy fipanasopahan-dresaka izany indrindra raha avy eo ianao lasa manao figalabonana amin-karena etsy sy eroa na any ambadika any. Tena karazana filalovana ny vahoaka mihitsy izany. Mbola mampieritritra ny mpandinika maro ihany koa aza ny fahitana ity fihetsiketsehana be mitety faritra ity tato ho ato, izay ambaran'ny olom-pirenena mandrakariva fa tokony ho ny eo anivon'ny ministeran'ny fahasalamana no hisahana izany.

Hatramin'izao tsy hita mihitsy izay mba fihetsika kely, nanohinan'ny ny fon'ny Malagasy olom-pirenena, nataon'ny mpitondra. Tsy avy amin'ny vola fanampiana avy any ivelany akory, sao dia izany no idedahana eo, na avy amin'ny volam-panjakana, izay avy amin'ny vahoaka ihany izany, fa ilay avy any anaty kitapom-bolan'ny filohan'ny Repoblika manokana mihitsy, sy ny an'ireo mpiara-miasa akaiky aminy rehetra. Raha mbola tsy misy izany, dia miendrika fandatsana ny vahoaka hatrany no zava-misy eto.

*Sôh'son*

### Ny Valosoa sy hadihady

## Seha-pikarohana : omeo lanja avokoa amin'izay fa aza asiana fanavakavahana

Fotoanan'ny seha-pikarohana izao, tsy any ivelany ihany izay efa mandany ron-doha mandrakariva amin'izany, fa na eto Madagasikara ihany koa aza. Anisan'ny vaovao nisongadina tamin'ity herinandro ity ny famoahana ny fikarohana nataon'ny Profesora Jonah Ratsimbazafy momba ny karazana varika vaovao hitany. Fikarohana izay efa nataony sy ireo mpiara-miasa aminy malagasy sy teratany vahiny nandritry ny folo taona ngarangidiny. Manampahizana manokana ary sangany momba ny varika ity profesora malagasy ity ary tena rehehan'ny firenena Malagasy tokoa izy. Hafatrafan'ny hatrany ny amin'ny tokony hanamafisana ny fiarovana ny varika tsy hiam-piton'ny valanaretina coronavirus mahazo ny olombelona ankehitriny.

Raha miresaka ity valanaretina ankehitriny ity, dia maro ny seha-pikarohana momba izany, na amin'ny fitadiavana ny fanafody fisorohana na ny fanefitra na ny vaksiny, na ny fanafody fitsaboana. Raha ny eto amintsika, fa tsy hiresaka na ny ivelany, dia samy mikaroka avokoa ny mpitsabo ara-tsiansa moderina na ireo mpitsabo nentim-paharazana amin'ny alalan'ny raokandro. Samy mikofoka amin'izay sehatra misy azy avy ny rehetra. Tsara ho an'ny vahoaka izany satria mitombo ny azony isafidianana amin'ny fanafody misoroka ny aretina na fitsaboana tena. Anisan'ny nohindrahindrainy ny tambavy CVO, vao niandoha ny fidiran'ny valanaretina. Rehefa tsy nipariaka nanerana ny vahoaka manontolo anefa izy io, noho ny resaka politika sy antony ara-bola, sy noho ny fihanaky ny valanaretina hatrany, dia niha-nanatonan'ny olona ny mpitsabo tsy miankina amin'ny fanjakana.

Tsikaritra ihany koa taoriana kely monja fa nisy ireo mpitsabo amin'ny raokandro sasany nilaza ho manana fanafody fisorohana sy fitsaboana ihany koa. Nisy ny nilaza mivantana izany, anisany ohatra, Rackiky mpanakanto, izay nanangaana toeram-pitsaboana nentim-paharazana eny Soavimasoandro eny ary nilaza fa ampahisana ity aretina coronavirus ity ny raokandro ampiasain'izy sy ekipany ao. Misy koa anefa ireo tsy te-hiseho sy hitonona anarana miasa mangina manasoa ny mpiara-belona sy ny mpiray tanindrazana noho ny ahiahy tsy ihavanana amin'ny fitondrana. Tiany ny tanindrazany sy ny vahoaka Malagasy iray ra aminy no anaovany izany asa soa lehibe izany ary tsy ilàny setriny tombontsoa manokana toy ny ataon'ny mpitondra. Mahavita be mihotra noho ny olona eo anivon'ny fitondrana izy ireny.

Mazava loatra, tsy asan'ny fitondrana irery ny fisian'ny olona sitrana amin'ny valanaretina coronavirus na ny olona tsy andairany noho ny fananany hery fiarovana, fa misy olom-pirenena vanona ihany koa any ambadimbadika any miasa an-tsitraro.

Natao ambanin-javatra sy tsy nomena lanja firy teto amin'ny firenena ny seha-pikarohana. Bitika dia bitika ny vola atokana amin'izany ao anaty teti-bolampanjakana hatramin'izay, na ao anatin'izao fitondrana ankehitriny izao. Laraha-mahita anefa ny maha zavadehibe azy ao anatin'izao fotoan-tsarotra ara-pahasalamana izao. Be ny manam-pahaizana Malagasy manokana-tena amin'izany, fa tsy mba voajery akory izy ireo, ary tsy hita soritra mazava izay mba famporisihana ataon'ny fitondrana. Tranga iray amin'izany sady tari-tsaina ihany, misy amin'ireo sekoly ambony eto Madagasikara tsy miankina amin'ny fanjakana no manana mpianatra mandranto fahaizana amampahalalana ao aminy manaraka lalam-piofanana iray ary mahavita fikarohana tena ilain'ny firenena tokoa amin'izao vanin'andro izao. Maro ireo tanora Malagasy marani-tsaina lalina ary mahavita voka-pikarohana tsara dia tsara tokoa. Misy amin'izany ny amin'ny lalam-piofanana momba ny biolojika na sakafo mahavelona sy tena mahasoana ny vatana; misy mikasika ny fahasalamana. Tsy mena-mitaha amin'ny voka-pikarohana any am-pita any ny vitan'izy ireo ary misy mihitsy aza ny mahatalanjona ny vahiny. Tsy hitan'ny fitondrana izany ary raha atao hoe henony ihany aza dia mijanona eo fa tsy mampiraika azy. Dia mijanona eo amin'ny sehatry ny fianarany ihany, nahazoany diplôma ambony ilay fikarohana fa tsy mipaka hahasoa ny firenena noho izay fihetsiky ny fitondrana izay. Tsy atao hahagaga raha indraindray izany lasa any ivelany dia ny any no misitraka ilay voka-pikarohana.

Miara-mahita tsara ny zava-misy ny Malagasy amin'izao fotoana izao na jembin'ny fahantrana lalina aza. Na dia tsy misy azony atao firy, dia fantany fa misy ary manana ny toerany sy ny lanjany ny seha-pikarohana indrindra ny mahakasika mivantana ny fahasalamany na ny fiainany andavanandro. Ny fitondrana sisa no andrasana raha ahatsapa izany marina sy hahay hiasa mahitsy tokoa tsy hamatotra amin'ny ziozan'ny politika maloto ny seha-pikarohana sy ny mpisehatra ao anatin'ny, ho amin'ny fivelarany sy ny fiaboroboany. Ny ampitso no habitana izany.

Radafy

### NY TENY FIAINANA



"Fa Jerosalema any ambony kosa, izay renintsika, dia tsy mba andevo."

Galatiana 4:26

### FIZARAM-BARY AMIN'NY VAHOAKA

## Aza amboamboarina ny filazana isa

Samy manana ny ataony hoe « ankamaroany » tokoa. Ny an'ny filohan'ny Repoblika dia tena mahavariana. Nambarany tany Nosy Be raha nidehaka nizara vary izy, fa tokantrano iray tapitrisa no hozarainy vary. Izany hoe ny ankamaroan'ny Malagasy, hoy izy. Raha ahitana eo amin'ny olona enina na fito na valo aza ny tokantrano Malagasy, ohatra, raha atao salanisa, dia eo amin'ny olona valo tapitrisa eo izany no hozarainy vary. Efa maka isa ambony be izany. Ny Malagasy anefa ankehitriny manodidina na maherin'ny 25 tapitrisa no isany. Izany hoe latsaky ny 1/3-n'ny vahoaka Malagasy no hahazo varo ho zaraina toy izany, raha hahazo avokoa izy ireo. Hita eo fa tsy ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy izany, fa ampahany ihany. Raha mihotra ny antsasany mahery no hahazo ny variny, any amin'ny 13 na 14 tapitrisa mahery any ho any farafahakeliny, dia izay vao azo lazaina hoe ny ankamaroany. Mbola mety ho adiehevitra iray koa anefa ny amin'ny fomba fizarana izany vary izany. Laraha-mahita tsara mantsy ny zava-nisy sy misy amin'ireo sakafo na zavatra nozarain'ny fitondrana tao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana tato anatin'ny dimy volana izao, nisy dia avy eo tsy nisy ary tsy hita intsony mihitsy nefa ny vahoaka betsaka no tsy nahazo.

Tsy aritry ny saina ihany, vao andro roa teo izay no nana-kevitra ny fitondrana Amerikana tamin'ny alalan'ny USAID, ny hizara vary milanja 8330 taonina ho an'ny mponina miisa 350000 any amin'ny faritra maromaro any atsimo. Vary milanja eo amin'ny 23 kilao mahery kely ny anjaran'ny isam-batan'olona amin'izany. Taorian'izany dia misy izao fihetsiky ny filohan'ny Repoblika Rajoelina izao, ny hizara vary amin'ny vahoaka an-tapitrisany. Tsy adino koa anefa, fa nisy ary misy ampahan'olona na sokajin'olona maro tsy nahazo vary na iray kilao aza avy amin'ny fitondrana tato anatin'ny dimy volana tamin'ny nolazainy ho vatsy tsinjo na dia nilahatra momba izany aza izy ireo. Miandry isika dia ho hita eon y tohiny.

Sôh'son

### Matahotra ny ho very faty

## Tsy mahatoky ny toeram-pandevenana iombonana ny olom-pirenena

Ilsan'andro dia tsy maintsy misy olona nodimandry vokatry ny valanaretina covid-19 eto Madagasikara. Raha eo amin'ny salanisa avy amin'ny tarehimarika omen'ny CCO dia eo amin'ny 4 mahery isan'andro no nodimandry, ny alakamisy 23 Jolay hatramin'ny alakamisy 30 Jolay. Voalaza fa miasa isan'andro ireo mpandrafitra mpanao vatapaty, ary sokajin'olona samihafa no manatona azy ireo. Mazava loatra fa toy izany koa ny asan'ireo tompo-nandraikitra eny amin'ny fasam-bahiny, na fasana iombonana toy ny eny Anjanahary.

Ankoatra ny olona nodimandry vokatry ny valanaretina covid-19, dia misy ihany koa ireo olona nodimandry vokatry ny toe-javatra hafa, eo ny aretina na, ohatra, lozampifamoivoizana na hafa. Tsy voatery eto an-drenivohitra na Antananarivo

no misy ny fasan-drazan'ireny nodimandry ireny, fa misy any ivelany sy any amin'ny faritra. Ho an'ireo sokajin'olona ireo, dia tsy maintsy misafidy toerana andevenana azy ny fianakaviany, na any amin'ny toeram-pandevenana iombonana, na fasam-bahiny, na toeran-kafa mandra-pisokatry ny lalana. Araka ny fantatra dia misy hofan-toerana na tany tsy maintsy aloa vola eny amin'ny fasam-bahiny.



Ny fasam-bahiny, na ny fasana iombonana eny Anjanahary.

Raha ny tsikaritra anefa, dia misy amin'ireo fianakaviana mana-manjo no manahy ny fandevenana ny havan-tiany eny amin'ireny toerana ireny. Tsy ny vola loatra no olona ho azy raha ny fantatra, fa eo ilay ahiahy sao ho very faty ny havany. Izany hoe misy ny tsy fahatokiana ireny toerana ireny ho azy ireo. Aleony araka izany mandevina ny havany eo amin'ny toerana azony antoka

koko, toy ny eo an-tokontaniny ihany, ohatra. Rehefa any aoriana milamina ny tany, tsy misy ny krizy ara-pahasalamana ary foana ny hamehana, dia hafindran'ny amin'ny fasan-drazany ihany ny taolambalon'ny havany. Toe-javamisy amin'izao fotoana izao eto amin'ny firenena izany. Manana ny hasiny ny razana sy ny fasana ho an'ny Malagasy araka ny soatoaviny. Tsy maintsy miditra amin'izany anefa ny olona, ka atao fotsiny aloha ny fitadiavana toerana azo antoka hanitrihana ny havan-tiana nodimandry avy eo hapetraka amin'ny toerana tokony hisy azy. Tsy milamina izany, kanefa tsy maintsy izay aloha no eken'ny saina. Vokatry ny tsy fanidian'ny fitondrana Rajoelina ny sisintany ara-potoana avokoa izany rehetra izany.

Radafy

### TOMONKALO

## Mitsangana ny saina fotsy

(eo anivon'ny mpampianatra tsy miankina)

Atsanganay ny saina fotsy mba ho marika mitory. Fa mijaly ny mpampianatra, efa noana sady refona. Tsisy resaka maloto miharo politika akory, F`efa resy, tena resy, hany ka milavo lefona!

Tena niezaka hatrany ny hijoro sy hikiry. Mba hanohitra ny aretina ary koa ny tsy fisiana, Saingy nofo ihany anefa ka mandre mangirifiry, Hany ka milavo lefona ety an-tany fiadiana!

Mafy izany tsisy mpihaino sy tsy nisy fo nangoraka. (Ny mpitondra fanjakana, toa marenina sy jamba!) Tsy mba henony mihitsy ny antsoantso sy horakoraka, Izay nataon'ireo mpampianatra miaraka amin'ny hofa lamba!

Tsy voalao ny hofantrano, (ataon'ny olona firesaka!) Fa mpampianatra mahantra sy efa tena tsisy vidiny! Ny mpitondra anefa maro no matavy mila hitresaka, Saingy tsy ahoany akory izay mba tokony ho adidiny!

Antso vonjy no atao, "vonjy aina" no andrasana, F`efa tena mitoloko sy efa miondrika amin'ny tany. Aza andrasana higaona re ny varavaram-pasana Fa vonjeo ireo mpampianatra raha mba azo atao ihany!

SEDERA RAVALISON (30-07-20)

VALANARETINA

# 106 no fitambaran'ny lavo, 120 ny tranga vaovao, 346 no sitrana omaly

Niampy iray indray ny lavon'ny valanaretina coronavirus teto amintsika, 106 izany arak'izany ny fitambaran'ny lavon'ity valanaretina ity eto Madagasikara. Omaly zoma, 346 no sitranavaovao: ny 291 sitrana teto Analamanga dia tany an-tranony, ny 55 sitrana tany amin'ny Hopitaly. Ny marary mafy dia 83, izany hoe nihena 11, raha ampitahaina amin'ny afak'omaly. Ny marary vaovao dia 120: 77 eto Analamanga; 20 any Tsiroanomandidy; 2 any Antsiranana I; 1 any Nosy Be; 1 any Toamasina I; 11 any Ambatondrazaka; 7 any Fianarantsoa I ary 1

	HIER	CUMUL	DIFF
CONFIRMES	10748	10868	+ 120
EN TRAITEMENT	3182	2955	- 227
GUERIS	7461	7807	+346
FORMES GRAVES	94	83	- 11
DECES	105	106	+1

SOURCE MSANP / IPM / OMS

Ny tarehi-marika avy eny amin'ny CCO covid 19, eny lvato omaly.

any Manakara. Ny gazety Ny Valosoa Vaaovao dia manentana ny rehetra hitandrina hatrany, ary hanaraka hatrany ireo fepe-tratra ara-pahasalamana ho fisorohana amin'ity valanaretina covid 19 ity.

Niaina

Boriboritany faha-6

## Nanampy ara-bola sy ara-pitaovana ireo tantsaha ny depiote Todisoa

Ao anatin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, sy tao aorian'ny fahavitany ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena tamin'ity taona ity, midina ifotony eny anivon'ny vahoaka ao amin'ny Boriboritany faha-6 naha-voafidy ny ny depiote avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Todisoa Andriamampandry. Nanampy ara-bola sy ara-pitaovana ireo tantsaha ao amin'ny Boriboritany nahavoafidy azy noho izany, ny depiote Todisoa Andriamampandry. Fiaraha-mientana izay fanao isaky ny taom-pambolena ataon'ny tantsaha sy ny depiote amin'ny lemaki Betsimitatatra ny toy izao, ka nanomezana ny anjara fanohanana ny ao ambany Avaratry ny Firaisana faha-6 Anosisoa, ho famoahana ny rano amin'



Ny depiote Todisoa, sy ireo tantsaha sasany amin'ny lemaki Betsimitatatra.

ny tanimbary, izay efa maina tsara amin' izao fotoana izao raha 4 taona nisesy izay dia natao horaka foana, ho fanajariana ny fefiloha Canal C3 ( Cogeneral), hiarovana ireo tsikafona sy ny rano tsy hiditra mivantana amin'ny tanimbary fambolena. Na dia anatin'ny famehana aza dia tsy maintsy mitohy ny asa ary tsy maintsy mi-

fanampy sy mifanasoa amin'ireo tantsaha sy ireo sahirana izay mendrika ho tohanana, hoy ity olomboafidy avy amin'ny antoko TIM ity. Marihana fa ny seha-pamokarana toy ny fambolena, fiompiana, jono, varotra, fizahantany, indostria, sns... no tokony hiompanan'ny famatsiambola ataon'ny fanjakana mpanantanteraka amin'

izao fotoana izao, hoy ny depiote Todisoa. Mbola manao antso ihany koa izy amin'ny Mpitondra ny mba hanomezana daholo ny vahoaka sahirana rehetra, ny fanampiana to-sika fameno sy vatsy tsinjo, fa tsy tokony hisy hanavahana ary koa tokony hampiana ireo zavatra tokony homena.

Isambilo

Toekarena

## Tsy mitsaha-mitontongana ny vola Malagasy Ariary

Tsy mitsaha-mitontongana amin'izao fotoana ny vola Malagasy dia ny Ariary izany, raha oharina amin'ireo vola vahiny fampiasa eo amin'ny tsena firaisam-pirenena, dia ny euro sy ny dolara amerikana. Ny antony dia tsy miditra, na mihena ny vola vahiny eto amintsika, satria kely ny fanondrana entana mankany ivelany. Raha ny fanambarana nataona mpahay toekarena eto amintsika, mety hampidangana ny vidim-piainana izany, indrindra hampidangana ny vidin'ireo sakafo sy entana ary zavatra hafarantsika avy any ivelany. Ny fihenanan-danja'ny vola



Rendrika ny Ariary, miohatra amin'ireo vola vahiny.

dia mahatonga ny fivoahan'ny volantsika betsaka amin'izay fanafaran'entana izay, misy fiantraikany amin'ny vidin'ny vokatra, sy ny entana ary ny zavatra hafa. Efa manodidina ny 4500Ar tokoa ny 1 euro ankehitriny, raha toa

ka 3800 Ar ny 1 dolara Amerikana. Izany zavamisy ara-toekarena izany dia mety hiteraka ihany koa fipoahana ara-tsosialy, satria mety hiakatra ny vidin'ny solika, ka hampiakatra ny vidim-piainana. Hatreto anefa dia

mbola tsy fantatra mazava ny paikadin'ny Fanjakana hanarenana ny toekarena. Tsy mazava ihany koa ny tohana sy ny fanavotana ireo sehatra tsy miankina, ka mampitombo ireo olona tsy an'asa. Ny sehatry ny fihazantany efa azo lazaina fa maty, ka tsy afaka mampiditra vola vahiny, toy izany koa ny orinasa Ambatovy. Nanampy tratra ny vidin'ny lavanila, izay hita fa mitontongana tanteraka. Fehiny sempo-tratra ny toekarena, hanao ahoana ny hoavin'ny Malagasy, inona no paikadin'ny Fanjakana?

Aly



## Rainilainga ny Filoha Malagasy Andry Rajoelina hoy ny fahitalavitra Frantsay RTL

Nantenaina Dera : Rainilainga ny Filoha Malagasy Andry Rajoelina, hoy ny fahitalavitra Frantsay RTL.

Tsito Ranjatomanana : maty leroa tany ty marina ka! Afa-baraka amin'ny ataon'ity filoha Andry Rajoelina, tsy mahay mitondra ity. Fampantenana zato amby arivo nefa tsy misy tanteraka hatreto.

Andrianasolo Lova : tsy izay lazain'itony anie dia hoe marina daholo e!

Emile Rajoroarison: ny maha-mpandainga ny filoha Rajoelina dia noho ny fampantenana be ataony nefa tsy tanteraka ny ankamaroany.

Bara Randria : mba namaky an'ilay article ve aloha ilay ni-pub e?

Volatiana Rbmnts : anisan'ny fampiesonana nataon-dRajoelina, hanampy ara-bola an'i Comores aza isika, aiza izany izao, isika aza izao no mangata-bola etsy sy eroa !

Bara Randria : homena iray hetsy riary avokoa ny vahoaka sahirana, nihena ho 3 alina Ariary aza izany izao ankehitriny.

Volatiana Raketamavo: tsy mahagaga intsony izany, Rajoelina no tena mpampiesona fa tsy ilay Raikalaha taloha. Amin'izao hamehana ara-pahasalamana izao, hiakatra ao amin'ny TVM sy ny RNM foana aho isan'andro hoy Rajoelina. Mafy ny ady, tsy hita intsony izy, isaky ny tapa-bolana teo aloha, miohatra izany aza amin'ny fotoana sasany.

Voahangy Rakoto : be ny fitapitaka sy lainga ataon'ity filoha amin'izao fotoana ity e ! Tsy ho tafavoaka isika raha mbola miantehitra amin'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena, izao anefa azo lazaina ho mandohalika amin'ireo ity Filoha Andry Rajoelina, mbola azo lazaina ho sain-jaza ity. Efa mba 20 taona ihany no vita mariazy nefa mbola tsy matotra mihitsy.

Volatiana Rbmnts : hitodika aty @ tsika ny mason'izao tontolo izao hoy izy: tanteraka tokoa ny faniriany, K'inona moa noho ny fitapitaka sy laingalainga ary fampiesonana samy hafa ataony.

Ranaivoson Benja Hiarantsoa : marina, tena filoha mpamita-bahoaka io. Izao dia hoe hanome fanampiana tokenrano iray tapitrisa eto Madagasikara, ka natomboka tany Nosy-Be izany, dia ho hita eo. Ny tosika sy ny vatsy tsinjo aza nihena an-toerana, ary maro no mbola tsy nisitraka izany hatramin'izao. Sady raha tokenrano iray tapitrisa izany, tsy ampy ny ampahatelon'ny mponina miisa 25 tapitrisa no hahazo izany, fa mbola ho voafetra ihany.

Dina Ranaivoson : cela va l'affaiblir, hampalemy azy sy ny fitondrany ny vaovao mivoaka toy izao, indrindra avy any amin'ny Renimalala izay tena tompoin-dRajoelina tokoa.

Clébert Rantoanina: efa hatramin'ny tetezamita ny Rainilainga Rajoelina, ary namafisin'ireo haino amanjery sy ireo gazety mpomba azy izany tamin'izany, ka hatramin'izao, soa fa misy ny gazety sy ny haino amanjery vahiny toy itony milaza ny zava-misy aty amintsika.

Soafara Rabefarihy: ny Afrikana koa aza dia efa milaza io maha-filoha mpamitaka ny filoha Malagasy io, ary misy aza no milaza history mihitsy indrindra mahakasika ilay tambavy CVO, izay voalazan'izy ireo fa tsy maha-aro, sy tsy mahasitrana akory.

Esthèle Ranoarison: ny maha-lazain'ny olona azy fa mpandainga dia noho i Andry Rajoelina mbola tsy matotra loatra, hita sy tsapan'ny rehetra izany amin'izay ataony. Nidi-kizo ny Malagasy manana ity filoha tsy matotra sy tsy mahay mitondra ity.

Aimé Razatovo: lazaina fa maha-aro sy mahasitrana ilay tambavy CVO, ny andrana mahakasika izany anefa dia izao vao vita sy mivoaka ny tamin'ny voalavo, dia tonga amin'ny fitenenana hoe nataon'ny fitondrana sorona teo izany ny vahoaka Malagasy momba ity tambavy vita Malagasy ity.

Edinho Ramisarivo: milaza izy fa tsy handrava ny Antenimierandoholona tamin'ny fotoan'androny, izao anefa dia hita fa mitady handrava mafy ity andrimpanjakana ity ny tenany.

Saïd Ahmad: tena marina article RTL io, tena roi de l'intox mihitsy Président-tsika Andry Rajoelina putchiste ty. Milaza tsy mila bailleur de fond, avahizo izy mandohalika amin-dreo.